« Marathon international de Tana »

# Telo minitra no nandaozan' i Sammy Tibet an' i Haja

Telo minitra mahery ny elanelan' ilay teratany keniana, Sammy Kibet Kipkori sy Hajanirinina Andriamparany tamin' ny halaviran - dalana 42, 195 km « *Marathon international de Tana* », omaly. I Sammy Kibet no nandrombaka ny medaly volamena rehefa nahavita ny halaviran - dalana 42, 195 km tamin' ny fe - potoana 2 ora sy 25minitra sy 24 segondra raha toa ka 2 ora sy 23 minitra 09 ny an' i Hajanirina mpilalaon' ny Cosfa. « *Anisan' ny atleta manana ny maha izy azy ity teratany keniana ity ary efa nanomana izany tsara izy. Izy no Keniana mafy indrindra tamin' izay efa nifaninana tamiko, azo atao tsara anefa ny nandresy azy* », hoy Haja A. Na izany aza nampiseho ny fahavononany ny atletantsika fa mbola vonona ny hiaro ny voninahitr' i Madagasikara amin' ny lalaon' ny Nosy sy ireo fifaninanana iraisampirenena samihafa. Nahazo ny medaly volamena kosa i Hajanirina Andriamparany tamin' ny « *Championnat de Madagascar* ». Tamin' ity andiany ity dia nihena ny faharetam - potoany raha hampitahaina amin' ny fifaninanana nataony tatsy amin' ny nosy La Réunion, ny taona 2012. Omaly dia tao anatin' ny 2 ora sy 28 minitra ary 9 segondra no faharetam-potoanany. « *Tsy ampy ny fiaraha - mientana teo amin' ny atleta malagasy, nanampy trotraka ihany koa ny fibahanan' ny mpijery teny an - dalana izay nolalovana* », hoy hatrany Haja.

## Nahatratra 1 605

Notanterahina nandritra ny « *Marathon international* » ihany koa ny fiadiana izay ho tompondakan' i Madagasikara eo amin' ny hazakazaka lavitr' ezaka. Nahatratra teo amin' ny 1 605 ireo nandray anjara. 160 ireo nandray anjara tamin' ny « *marathon* », 418 ho an' ny rodobe ary 27 ireo manana kilema ara - batana. Ny « *World trade center* » izay mivondrona ao amin' ny « *World trade international* » niaraka tamin' ny Federasion' ny taranja atletisma malagasy no nikarakara ny hetsika efa hatramin' ny taona 2000. Maro be ireo mpanohana tamin' ity hetsika ity. Teo amin' ny lafiny famonjena voina izay tsy maintsy ilaina amin' ny hetsika tahaka itony dia ny « *Mam* » ( Madagascar assistance médicale ) eny amin' ny « *Polyclinique* » d' Ilafy izay manana ny fitaovana manaraka ny toetrandro sy ny fivoaran' ny lafiny fitsaboana amin' izao vanim - potoana izao no tomponandraikitra tamin' izany.

Willys F.

## Vokatra teo amin' ny « Marathon international de Tana » andiany faha - 14

**Marathon international de Tana ( Lehilahy )**
1 - Sammy Kibet Kipkorir : 2h25' 24"
2 - Hajanirina Andriamparany : 2h28' 09"
3 - Rakotomalala Jean de la Croix : 2h32' 32"

**Marathon International de Tana ( Vehivavy )**
1 - Ramanantenasoa Maria : 3h2' 27"
2 - Ratinarison Landiniaina : 3h 27' 39"
3 - Razafimahatratra Elysée : 3 h 33' 20"

**Championnat de Madagascar ( Lehilahy )**
1 - Andriamparany Hajanirina : 2h 28' 09"
2 - Rakotomalala Jean de la Croix : 2h 32' 32"
3 - Zafiniaka : 2' 33"20'"

**Championnat de Madagascar ( Vehivavy )**
1 - Ramanantenasoa Maria : 3h21' 27"
2 - Ratinarison Landiniaina : 3h27' 39"
3 - Ravelohantamalala Jocelyne : 3h33' 20"

**HandiRun 5 km ( Vehivavy )**
1 - Rakotoniriana Lovasoa : 38' 18"
2 - Vololonirina Francisqua 44' 55"

**HandiRun 5 km ( Lehilahy )**
1 - Ramahandry Samuel
2 - Malakia Wiliam


Irona Vaovao



**Remise des trophées** :
3ème place ***Jean de la Croix Rakotomalala*** (à droite),
2ème place, ***Hajanirina Andriamparany*** (à gauche)
et le premier, au milieu, le Kenyan ***Sammy Kibet Kipkorir***.

## Marathon International de Tana

dimanche



Le Kenyan ***Sammy Kibet Kipkorir*** assisté par son coach en vélo.



Côté Mahamasina, ***handi-run*** et « ***foulées de Tana*** »